# Imaitsoanala [TP.IMVM3]

### Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

## Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

30 Fichier(s)

## Description & analyse

Éditeur(s) de la ficheResztak, Karolina

## Informations générales

LangueMalgache
CoteNUM THE TAP IMAITSO VM3
Nature du documentTapuscrit
Collation30 feuillets 21x30 fixés par une attache parisienne, portant quelques corrections de frappe (de la main de l'auteur ?) paginés, s.d.
État général du documentBon
Localisation du documentFonds Rabearivelo,
Institut français de Madagascar,
14 avenue de l'Indépendance,
101 Antananarivo
Madagascar

## Présentation

GenreThéâtre (Pièce)
Mentions légalesConsultable sur internet. Copie et impression interdites. Consultation possible de l'original à l'Institut français d'Antananarivo. Contact : brakotomanga@gmail.com
Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)
Notice créée par Richard Walter Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 01/09/2022

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -

(mitsinjo sy manofa )

Manakaiky, manakaiky
Ny lakanao mandavo herana;
Miandry aho, Andriambahoaka,
Imaitsoanala, zanaborona !

(Tody ny lakan'Andriana sy ny an'ny mpanaraka azy)

- V -

- ANDRIAMBAHOAKA -
( eo am-pitodiana)

Ny moron-drano misy anao
Mitopatopa mora foana;
Tsinjo eo ny bikanao :
Malefolefo toa zozoro !

- IMAITSOANALA sy INGORIA ary ny VORON-KELY -
( mitsaoka Andriana)

Arahaba ihany, Andriambahoaka,
Masoandro tsy roa ,
Masoandro tokana ihany,
Andriamba .. Andriambahoaka !

- ANDRIAMBAHOAKA-

Arahaba kosa, Imaitsoanala !
Masoandroko koa ,
Masoandroko, Andriambahoaka,
Rodobe ... Imaitsoanala , Imaitsoanala !
( mandihy izy roa )

- IMAITSOANALA -

Eny an-tanety, tsy vahiny;
Ety anosy, tompon-tany,
Rodobe ... Andriamba - Andriambahoaka !

- ANDRIAMBAHOAKA -

Tazan-davitra, nantenaina;
Manoloana: ho an-defi-mandry,
Rodobe ... Imaitsoanala, Imaitsoanala !

- IMAITSOANALA -

Ampingaharambolamena :
Mitraka: fahazavan'ny lanitra;
Miondrika, fanilon'ny tany !
Rodobe ... Andriambahoaka! Andriambahoaka

- ANDRIAMBAHOAKA

Mitraka mampipoitra tsemboka;
Miondrika, mampiontanontan'aina!
Rodobe ... Imaitsoanala! Imaitsoanala !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IX -

R O D O B E

(Miaraka amin'Anjomara sy amponga ary robika)

E ! roy e!
Izay maharitra re, ry Imaitsoanala e! e!
E ! roy e!
Izay maharitra, mahavaky betroka e! e!
E ! roy e !
Izay maharitra re, ry Imaitsoanala e! e!
E! roy e !
Izay maharitra, mandresy rafy e! e!
E ! roy e !
Izay maharitra re, ry Imaitsoanala e! e!
E ! roy e!

Izay maharitra vadin'Andriana e! e!

( Mandihy )

- Mampisikina an'Imaitsoanala ny sasany-

Asikino tsara ny lamba-nao (ko)
O! ry Maitsoanala a!
Tsara sikina ve ny lamba ?
Tsara fetra ve ny kibo ?
I e, asikino ny lamba-nao (ko)
O! ry Maitsoanala a!

Ny kibon-drafy anie
Tsy mba mangoraka;
Ny vavan-drafy anie
Tsy mba miesetra e!
I e, asikino tsara ny lamba-nao (ko)
O! ry Maitsoanala a!

E!e!
Izay maharitra ry Maitsoanala e!
E!e!
Izay maharitra vadin'Andriana e!

-------

- R I D E A U -

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

## - VIII -

(Mangina ny vahoaka, dia mitsaoka Andriana)

Sarasara tsy ambaka , tompoko e!

ANDRIAMBAHOAKA (kivy dia kivy)
sy ny FOSTINANTSY

Sarsara !

(Maka(toerana ny vahoaka. Mifampijery ny Fotsinantsy. Manondro molotra 'nImaintso mbola mitsotra anaty lamba

Ry maro mirahavavy o!
Ry zokiko tetoana o!
Tsontsa anie Imaitsoanala!o!
Resy anie Imaitsoanala o!

Tsy nangalatr'omby anie aho o!
Tsy nagalatr'olona aho !
Tsy nihady fasana aho !
Ka hamoriam-bahoaka e!

(Mifampijery ny vahoaka )

FOTSINANTSY

Nantsoina ny fehin'ny atompon-jato,
Nantsoina ny fokon'ny atompon'arivo,
Fa mila hisaron'aizina izao ny masoandro,
Ary mila hisinda hatrany ny volana,
Fa he azon'ody ny Andriamanjaka !
Voan'ny mosavin'Imaitsoanala
Ka mila hanazimba ny razana an-tany,
Ary mila hanitsaka ny velona etoana!
Imaitsoanala norantovina lavitra!
Tarana-borona sady goa-maso,
Sady tsy inona fa taolam-potsy,
Nefa ataony hifehy fanjakana
Sy hanariana anay Marovavy,
Ka ombay mitsara re, ray vahoaka ! .

(Mihorika amim-pahatezerana ny ambany lanitra. Izy marovavy manatona an'Imaitsoanala - ny vahoaka koa. Tampoka, mitsangagana Imaitsoanala. Akipany ny lambany, mitsiky izy ary mihazakazaka miantsamby amin'Andriambahoaka. Mihorika indray ny ambanilanitra- nefa amim-pifaliana lehibe. - Izy marovavy mifampijery: gaga, kivy - Miara-mandositra.)

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

(Tapitra tafavoaka ny Fotsinantsy)
Resy anie Imaitsoanala o!

(Mihina manatona indray Ivorombe)

Imaitsoanala iry e! Imaitsoanala iry!
Nahoana,hoy aho, no tsy mitsiditsidika?
Nahoana no dia tsy mijerijery? (Tafiditra izy eto)

- IVOROMBE -

Imaitsoanala ity e! Imaitsoanala ity!
Kotsakotsa,ho'aho, ny afo tao am-patana,
Kotsakotsan'ny ranomasonao!

- IMAITSOANALA -

Inenivorona izao! Inenivorona izao!
Mijaly anie Imaitsoanala e!
Mijaly, h' aho, ka mitomany e!

-----

- VII -

- IMAITSOANALA - (miarin-doha)

Inenivorona izao o! Inenivorona izao!
Taolam-potsy ve ho afa-mitsiditsidika?
Maso goana ve hahay mijery anao ?

- IVOROMBE -

(Manatona an-janany, manarina azy dia mamerina ny masony sy ny hodiny amin'ny toerany)-

Imaitsoanala ity o! Imaitsoanala ity!
Te-hamay anao fotsiny anie aho teo e!
Fa tiavo ny vady; tiavo koa ny rany !

- IMAITSOANALA -
( Mitsangana, mamihina an-dreniny)

Inenivorona ity p! Inenivorona ity!
O! ry neny tsy nahitako masoandro
Raha tsy vao izao: misaotra e!

(Misy feon'anjomara sy amponga hatraiza hatraiza.
Misy feo miaraka aminy hoe:)

bis... | Antsoin'ny Andriana, antsoin'ny Andriana !
| Andao, andao hankany an-kianja!
| Misy kabary, kabarin'Andriana.
| Any an-kianja, daholo,daholo!

(Mifampijery izy mianaka. Ibitsibitsihin'Ivorombe Imaitso, dia miverina mandry indray io sady manafin-tareny, misaron-doha hatrany ampaladiany toy ny teo.
Mitsoriaka Ivorombe. - Misy olona mirodorodo. -Tonga. - Tonga koa ny Fotsinantsy, mirebika. -Tonga koa Andriambahoaka, mipetraka tsy sazoka, hodidinin'ny vady fotsinantsiny.)

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

-IMAITSOANALA -

(Tsy sahy miarina - Manafin-tarehy mafy. Ny fotsinantsy kosa: misodika nadihy manodidina azy.)

Ry maro mirahavavy o!
Ry zokiko tetoana o!
Tsontsa anie Imaitsoanala e!
Resy anie Imaitsoanala e!
Tsy nagalats'omby anie aho e!
Tsy nagalatr'olona aho!
Tsy nihady fasana aho!
Tsy nisakan-dalana aho e!

Fitia no nifamaly anie,
Ary vady no narahina anie!
Ry maro morahavavy ô!
Ry zokiko tetoana o!
Aza mandatsa vorona azo e!
Aza mandihy ambony resy e!
Tsontsa anie Imaitsoanala o!
Resy anie Imaitsoanala !

- FOTSINANTSY -
(mandihy indray)

Irony hazo emy Andrarakasina,
Ny mirona: aza mba tanana,
Ny mohaka:aza tohinina
Ny meloka:aza tambinana!
Aza kanton fanambitamby ny ratsy,
Fandrao tsy tian'ny soa ho jerena!

- IMAITSOANALA-

Ry maro mirahavavy o!
Ry zokiko tetoana o!
Tsontsa anie Imaitsoanala o!
Resy anie Imaitsoanala!

- FOTSINANTSY -
(mifampitatana mivoaka )

Aiza ka vadin'Andriana,
Ka ho goana ny masony roa,
Ho taolana sisa miampatra,
Antsoy re ny vahoaka !

Bis... Antsoy hanosika an'io,
Fa sao ny Andriana azon'ody,
Ka tsy afaka amin-dRakalajamba,
Tsy afaka amin-dRataolampotsy!

- IMAITSOANALA -
Aza mandatsa vorona azo e!
Aza mandihy ambony resy e!
Tsontsa anie Imaitsoanala o!

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

IVOROMBE
(manenjika an'Imaitsoanala )

Imaitsoanala ity o! Imaitsoanala ity!
Nahoana,hoy aho, no dia mandosi-dreny
Sy manifika ny kibo nitoerana ?

IMAITSOANALA

Inenivorona ity o! Inenivorona ity!
Tsy fanifihin-kibo nitoerana akory,
Fa fitiavam-bady - vady mpanjaka !

(Voatanan'Ivorombe izy ka tsy afaka)

- IVOROMBE -
( tezitra fatratra )

Akay re, ity ilay ratsy vintana ity !
Vady mpanjaka,hono, vady mpanjaka!
Vady mpanjaka no hanamavoana
Ny reny nitaiza tany anosindrano !

(Esoriny ny voamason'Imaitso, endahiny ny hodiny,
dia lasa izy mitondra izany sady mihira :)

Soa ny masony tsy hahita soa,
Soa ny hodiny tsy hamono ny taolany!
Maso tsy te-hijery ny reniny !
Taola-manadino ny nitondra tan-kibo !

(Lavo Imaitso. Saronany lamba ny tenany manontolo
fa menatra izy.
Miditra ny Fotsinantsy.)

Bis...
Veloma hianao,ry Imaitsoanala !
Masina hianao, Ravavisoa!
Tera-borona masiaka hianao,
Saika hamandrihana ny Andriananay!
Veloma hianao,ry Imaitsoanala!
Masina hianao , Razanaborona.

- FOTSINANTSY -
(Mandihy manodidina azy)

Bis....
Niangarany:
Nomen-tranobe,
Kanjo sondro-drahona o!
E! goana ny maso e!

Niangarany:
Nomen-tanimbary,
Kanjo kitrambero o!
E! mandry aman-tany e!

Niangarany :
Nomeny andevo,
Kanjo andevo kaosy o!
E! lasa nilefa e!

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IV -

- TSONGAVAVY -
( miara-mitsaoka an'Imaitso)

! Arahaba, Imaitsoanala x aller au signe
! Sarasara, Ravavisoa
4 ! Natera-borona àry elatra
! Mba ho an'ny Andriananay!
! Arahaba, Imaitsoanala!
! Sarasara, Razanaborona!

IMAITSOANALA
Zana-borona, Imaitsoanala, x aller au signe
Zana-borona, saingy olona
Àry koa tsy àry elatra !
O!ray tsonga-tsongaviny :
Mananan'elatra izy izao
Fa mambomba an'Andriambahoaka !
TSONGAVAVY

Arahaba , Imaitsoanala !
Sarasara ,Ravavisoa
Natera-borona.....! etc -Voir ce qui précède
(Mangina tampoka izy rehetra, mifify fatratra mitazana any ivelany ahatongavam-peo mihira manatona manao hoe :)

Imaitsoanala iry e !Imaitsoanala iry !
Nahoana, hoy aho.no dia tsy mba mitsiditsidika?
Nahoana no dia tsy mba mijerijery ?
(Mangovitra Imaitso -manodidina azy ny tsongavavy toa vonon-kiaro azy.
Miverina tiay hira any ivelany .Efa tena akaiky :)

Imaitsoanala iry e ! Imaitsoanala iry !
..itra Ivorombe...(Nahoana, hoy aho no dia tsy manoin-dreny ?
(Nohoana no dia tsy mitsena reny ?

V

(Mifikitra mafy amin'ny tsongany Imaitso, nefa milefa avokoa ireo ).
TSONGAVAVY (eo am-pandosirana)
!Veloma hianao, ry Maitsoanala !
!Masina hianao, Ravavisoa ! x au signe
!Tera-borona masiaka hianao,
bis !Saika hamandrihana ny Andriananay !
!Veloma hianao ry Maitsoanala !
!Masina hianao, Razanaborona !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -

Raha tianao aho, hoy aho,
Ny halainao ho ahy, hoy aho,
Ny sopanga tera-bao, hoy aho,
Hisotroako ny songo, ho aho,
Fa vory ny vahoaka,

ANDRIAMBAHOAKA
sy ny mpitendry valiha.

Ehe !
Ny tsy àry, ny tsy misy, hoy aho,
No ambaranao ($\frac{ahy}{azy}$) !

- IMAITSOANALA -

Dihy ...
Angolam-pitia, hoy aho,
Haitraihira foana, hoy aho,
Fa tsy tena zavatra, hoy aho!
Angolangola, hoya aho,
Fa vory ny vahoaka !

-ANDRIAMBAHOAKA
sy ny mpitendry valiha-

E! roy !
Fantapata-($\frac{tro}{ny}$) ihany, hoy aho,
Fa izany tokotrany e!

- ANDRIAMBAHOAKA -

Imaitsoanala, Imaitsoanala,
Hodidino ny lapanao,
Jereo ny hadion'ny tsihintsika:
Izany eo raha amin'ny tara-bolana!

Izany eo raha maneno akoho!
Jereo ny famindroana:
Raha tonga aty ny rivo-drano,
Mitaria, mifambomba eo !

(Mandeha miaraka amin'ny mpanaraka azy)

Imaitsoanala, Imaitsoanala,
Hodidino ny lapanao,
Jereo ny hadion'ny tsihintsika
Jereo ny famindroana !

Izaho hanorina trano be;
Izaho handrafy tanimbary,
Ho saram-pitia, ny Maitsoanala!
Indreo ny tsongavavinao.

( Miditra ny tsongavavy - Lasa Andriambahoaka )

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- - II -

**- R O D O B E -**

Diai;;

Hiangarany :
Homen-trano be,
Kanjo sondro-drahona o!
E! hiangarany e!

Hiangarany :
Homen-tanimbary,
Kanjo kitram-berv o!
E! hiangarany e!

Hiangarany :
Homeny andevo,
Kanjo andevo jamba o!
E! hiangarany e!

- VADY vitsivitsy -

Mivolon-ko tompony ny mpindran-damba,
Fa ny tompony no hitondra azy!

- VADY vitsivitsy hafa -

Tabataba foana no an'ny sahona
Fa ny tsiboboka no tompon'ny rano!

- R O D O B E -

Ter..

Alao re ny lambantsika
( Fa idolan'ny mpindrana azy:
Refrain. ( Idolany amin'ny antsika !
( Atoseho re ilay sahomboraka!
Vahiny andrano ka mba mnono!
Ibohibohizo ho leo any !

- IMAITSO sy ANDRIAMBAHOAKA-
( any ivelany : mmatona)

Eny e, ry Andriambahoaka! eny e, ry Imaitsoanala!
Samy tanora, samy zazabodo;
Finaritra e, hanina anareo!
Samy tanora, samy maitso volo!
Finaritra e, hanina anareo !
(Mirifatra ny fotsinantsy sy ny ankiziny. Tafiditra ry zareo)

------

- III -

IMAITSO SY ANDRIAMBAHOAKA
ary ny mpitendry valiha.

Eny e, ry Andriambahoaka! Eny e, ry Imaitsoanala!
Samy tanora samy mbola ampy!
Finaritra e hanina anareo !
Samy tanora samy mbola ampy!
Finaritra e, hanina anareo !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

## - VAKILAY FAHATELO -

( toy ny teo)

-:-

Hirao, ray lahy! Dihizo, ray lahy,
Ny faran'ny tantara,
Ny tantaran'Imaitsoanala,
Fa manomboka ho alina e, izany andro!
Ka sao merinerika, ho'aho, rahampitso,
Fa tsy fianganoana intsony
Rehefa mitehin-ko maraina,
Hoy ny filazan'ny olon-taloha
Izay nandovanay an'itony,
Hoy ny fiangalin-dry Ikiaky,
Ny fiangatin-dry Nenibe,
Loha sola nipoirany !

Hirao, ray lahy! Dihizo, ray lahy,
Ny faran'ny tantara,
Ny tantaran'Imaitsoanala!
-Vinta-miakatra e! ny azy,
Vinta-misandratra e ny azy:
Zana-borona olombelona e
Dia tojo Andriamanjaka !
Singan'olona anivon-drano e,
Zozoro kely niafitra eny,
Kanjo izao ka "sahy lapa!
Hirao e, ray lahy!" Dihizo e, ray lahy!
Hobio e, ray lahy!

Saingy ity tany ity kosa, ho'aho,
Saingy ity isika olombelona:
Vato etsy, vato eroa,
Izay sendra azy miankarapoka;
Raha tsy afaka io, tsy tafatsangana!
Ao anaty fo ao, ao anatintsika ao,
Misy vato mifanongoa,
Izay tojo azy, tafintohina!
Dia toy izany Imaitsoanala
Fa saika toron'ny fialonana
Raha sindratra hatrany
Ny vinta-miakany e, ry roy!

--oOo--

toy nisan

- IMAITSOANALA -

Ny vitan-kiakatra,
Misandratra hatrany,
Fa toy ny sorohitra
Manjohy amim-bero:
Na ela na haingana
Dia ho tafavoaka
Hiria eny ambony !

in

(Mandihy daholo ny vahoaka, manatona ny lakana hitondra an'Imaitso. Mandihy malakolako.)

- R O D O B E -

Iahaka ny voahangy roa tsara venty:
Amidy, lafo be;
Avela, endriky ny trano:
Fihaingoa-mahafa-kenatra!

Sady taviny no volony:
Bis..... Imaitso no anaran'Ikala,
Imaitso - Imaitsoanala!

Tsy handia tany Imaitso,
Tsy handia tany Imaitso,
Imaitso - Imaitsoanala,
Fa vadin'Andriambahoaka!

----

- R I D E A U -

==

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- INGORIA -

Izatsy ombinao,ho'aho,
Toa lasa nidrongatra ?
Izatsy ombinao,ho' aho,
Toa niverina any ankay?

(Mibitsibitsika amin'ny Voron'ala Imaitso. Mandeha ireo maka an' Andriambahoaka. Ivorombe Rosa, manindao mankany amin'ny ombiny. )

- IVOROMBE -

Ny ombin-dRasoalao,
Manimanina efitra,
Manimanina tanety,
Ka mitady handao ahy !

Ny ombin-dRasoalao,
Tsy zatra kijana
Fa mponina an-kalalahana,
Ka mimaona hiverina any !

(Dify Ivorombe)

---------

- VIII -

-:-

- IMAITSO sy INGORIA -

(mifampijerijery, mitsiky)

Imaitso - Imaitsoanala,
Manin-kavana tsy fantatra,
Manim-poko tsy hita,
Ka handao ny nosin-drano!

Imaitso - Imaitsoanala;
Tsy zatra fanginana
Fa fokon'olombelona
Ka mimaona mba ho any!

(Miverina Andriambahoaka sy ny tariny ary ny Voron'ala)

- IX -

-:-

- ANDRIAMBAHOAKA -

Sambo-balala main'andro:
Ny tsy azoko omaly,
Ny saron'itsoro,
Ny dify ny tondro,
Ho azoko ampitso,
Hotohizako ahitra,
Hokenakenaiko !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- INGORIA -

Izatsy ombinao,ho'aho,
Toa lasa ndrongatra ?
Izatsy ombinao,ho' aho,
Toa niverina any ankay?

(Mibitsibitsika amin'ny Voron'ala Imaitso. Mandeha ireo maka an Andriambahoaka. Ivorombe koa, manindao mankany amin'ny ombiny. )

- IVOROMBE -

Ny ombin-dRasoalao,
Manimanina efitra,
Manimanina tanety,
Ka mitady handao ahy !

Ny ombin-dRasoalao,
Tsy zatra kijana
Fa mponina an-kalalahana,
Ka mimaona hiverina any !

(Dify Ivorombe)

---------

- VIII -

-:-

- IMAITSO sy INGORIA -

(mifampijerijery, mitsiky)

Imaitso - Imaitsoanala,
Manin-kavana tsy fantatra,
Manim-poko tsy hita,
Ka handao ny nosin-drano!

Imaitso - Imaitsoanala;
Tsy zatra fanginana
Fa fokon'olombelona
Ka mimaona mba ho any!

(Miverina Andriambahoaka sy ny tariny ary ny Voron'ala)

- IX -

-:-

- ANDRIAMBAHOAKA -

Sambo-balala main'andro:
Ny tsy azoko omaly,
Ny saron'tsoro,
Ny dify ny tondro,
Ho azoko ampitso,
Hotohizako ahitra,
Hokenakenaiko !

- VI -

---

-VORON'ALA sy IMAITSOANALA -

Sambo-balala main'andro,
Ny tsy azo anio manariva,
Handrian'ilika ampitso,
Dia pararetra eny an-tanana,
Pararetran'Ambatomalaza!

(Re manatona Ivorombe)

-IVOROMBE -
(Mihira manatona)

Maimbo olombelona! Maimbo olombelona!
Nitsoka ny rivotra avy taty,
Reko ny hafatra nitin'izy iny!
Maimbo olombelona! Maimbo olombelona!

Maimbo olombelona! Maimbo olombelona!
Aiza ny zanako, sa lasan'olona?
(Tafiditra Ivorombe)

- VII -

---

- IVOROMBE -

Aiza ny zanako, ry izy miandevo?
Maimbo olombeloma! Maimbo olombelona!

- INGORIA -

Io ny zanakao,
Io Imaitsoanala!
Voafefin-drano isika,
Ka ho voaroban'iza?

- IVOROMBE-
(manome tantely iray volo an'Imaintso)

Nataoko ity anie
Fa nisy nandakana;
Nataoko ity anie
Fa nisy nandroba!
(Mimà ny omby. Mibarareoka mihitsy)

- R O D O B E -

Voasary anosy Imaitso,
Voasary voafefy !
Aza manan[illegible]-tebiteby,
Ry Ineniv orona malai[illegible]
(Mibarareoka mihalavitra ny omby)

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -
(mihataka kely)

Vinta-miakatra !
Vinta-misandratra !
Atody zary olombeħona
Teto anivon-drano manirery!
Zana-borona ary olona,
Tonga alain'Andriamanjaka !

(miondrika, malahelo)

Nefa indrisy! tsy hitohy
Itony vintana itony!
(mitraka/mitrahotraho)
Zana-borona anie aho,
Na dia olombelona aza!
Zana-borona aho, raondriana !
Zana-borona masiaka
Izay tsy azo rafozanina !
(Ndeha hiteny Andriambahoaka sy ny tsindranolahiny, nefa tohain'Ingoria.)

- INGORIA -

Mandrivodrivotra izy izany,
Mandrivodrivotra sahady
Itony andro vao nifolaka!

- R O D O B E -
(Voron'ala, Ingoria, Imaitso)

Mandrivodrivotra ny andro :
Efa ho avy izay Ineny,
Ho avy avy any am-piremena !
Raha trany eto isika,
Ho tonga angano ny angano !

Manaiky Andriambahoaka sy ny tariny ka mandeha. Aterin'ny Voron'ala izy.

- VORON'ALA -

Tera-boro-masiaka izahay!
Tera-boro-masiaka Imaitso,
Ka na vinta-miakatra aza,
Tsy maintsy mbola mihafihafy!

- NY TARIK'ANDRIAMBAHOAKA -

Ary hianao, ry Andriambahoaka,
Ary hianao, ry Andrianananay,
Sambo-balala main'andro io ,
Ka ho azonao ampitso
Ny tsy azonao anio !

(Miverina ny Voron'Ala.)

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

I M A I T S O A N A L A

Z A N A - B O R O N A

Angano misy androny telo

------oOo-----

- VAKILAY VOALOHANY -

Hira arahin-dihy ataon'ny mpilalao rehetra arahin'amponga sy korodao.

Inona no hohiraina ? Inona no hodihizina ?
- Ny tantaran'Imaitsoanala
Tany anosy anivon'Itasy;
ny tantaran'ilay zana-borona
tonga olona, vadin'Andriana.
Lovangy tamin'Ikaky izany
rakitray tamin'Ineinbe.
Henonay teo amorom-patana,
fony izahay mbola zaza,
ary nandrotsy hatreo am-pandriana
ka zary nofy mandra-maraina,
fony izahay mbola bitika.

Lovanay tamin'Ikiaky izany,
raki-tsoan'Inenibe !
Haseho anio, hohiraina anio,
hodihizina anatrehanareo.
Hovinakinay ny loha sola,
ny loha solan'ny olon-taloha,
toy ny fitenin'ny ntaolo tetoana
ka andrianinay zanak'antitra.
Hovinakinay ny loha sola,
ny loha solan'ny olon-taloha:
izahay mpamaky,hianareo mpitsetsitra,-
aoka hianoka ny ambany lanitra !

Imaitsoanala anie, Imaitsoanala,
Imaitsoanala ka atedy ihany;
ninoan-dreniny fa tsy ho zary,
ninoan-dreniny fa ho ondry botry,
kinanjo kosa nanao kambana !
kambana olona ary vorona !
Nihazany omby tany ankay,
nirembeny mamy tany an'ala;
nokolokoleny toa voly tiana,
toa akondro mamofy tanana;
kinanjo Mahatsiahitsiahy sy manina,
Imaitsoanala, fa zanak'olona !

------

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- ANDRIAMBAHOAKA -

Zana-borona itsy anosy,
Zana-borona re, zalahy!
Voron-kely bary maso,
Zana-borona : olombelona!

- IMAITSOANALA -
(amin'Ingoria )

Hirahiran'Andrimabahoaka,
Kalokalon'Andriamanjaka!
Hirahiran-drobodroboka,
Kalokalon-tolatola !

- INGORIA sy ny VORON-KELY -

Ka ahoana no havalihao,
Ry Imaitsoanala, zana-borona?

- IMAITSOANALA -

Hirahiran'Andriambahoaka,
Kalokalony! tolatola !
Hirahiran'Andriamanjaka:
Mandrobodroboka sahady !

- INGORIA sy ny VORON-KELY -

Ho vadin'ny andrian'olombelona
Imaitsoanala, zana-borona!

- ANDRIAMBAHOAKA -
(re miha-manatona ihany.)

Zana-borona itsy anosy,
Zana-borona re,zalahy!
Manofa elatra hiara-dia,
Mamaly hira miantso hoe:

IMAITSOANALA sy INGORIA ary ny VORON-KELY

Sosay lakana(aho / izy), Andriana
Fa andafin-drano !
Ny fo-(ko / ny) babo: anao sahady,
Ka avia alao !

- R O D O B E -
(any ivelany)

Ity rano be manjepizepy
Izay mamefy anao,
Tsy mahafehy na maharo
Ny fitiava-(ko / ny) anao !

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -

Ndeha ? ~~ny~~ tantely dia ny
Rembezina any an'ala,
Hanampohana ronono
Hosotroin-janakao !

(mivoaka indray Iaorombe )

- VORON'ALA -
(manatitra azy)

Volotara iray mahitsy,
Ary mbola tovolahiny
Tsy milefo aman-drivotra
Na mikoa aman-tafiotra,
No fenoy tantely dia,
No fenoy tantely hazo,
Tantely veñon-dreny,
Ho an'Imaitso zanakao !

- IV -
---

(Miverina manenona Imaitso. Miverina mamoly koa Ingoria. Re avy lavitra, manatona,ny hiran'Andriambahoaka.)

- ANDRIAMBAHOAKA -
(hira lavidavitra, manatona)

Zana-borona itsy anosy,
Zana-borona re, zalahy!

(Mampandry sofina Imaitso. Mamela ampela Ingoria. Mifamory sy mibitsibitsika ny zana-borona).

Voron-kely bary maso,
Noronoro aok'izany !

- RODOBE -

( any ivelany koa )

Aiza re, Andriambahoaka ?
Aiza re, Andriananay ?

- ANDRIAMBAHOAKA -

Zana-borona itsy anosy,
Zana-borona re, zalahy!
Voron-kely bary maso,
Noronoro aok'izany !

(Tafatsagana Imaitso. Lasa mitazana. Mitsikitsiky)

RODOBE

Hoatra an'iza,Andriambahoaka?
Hoatra an'iza,Andria~~mbahoaka~~? nanay

- IMAITSOANALA -

(mitsiky)

Eny, ray vorona! eny,ray havana !
Ho to anie ny nofinofy !
Ho to anie !
Ho vinta-misandratra anie
Ny an'Ihavanareo !

(Re manatona Ivorombe)

-IVOROMBE -
(mihira manatona)

Maimbo olombelona ! Maimbo olombelona !
Nitsoka ny rivotra avy taty,
Reko ny hafatra n[e]tin'izy iny !
Maimbo olombelona ! Maimbo olombelona !

(Mifanatona eran'ny nosy)

Maimbo olombelona! Maimbo olombelona !
Aiza ny zanako,sa lasan'olona ?
(Tafiditra Ivorombe )

- III -

---

- IVOROMBE -

Aiza ny zanako, ry izy miandevo!
Maimbo olombelona! Maimbo olombelona!

-INGORIA -

Io ny zanakao,
Io Imaitsoanala!
Monina anosy isika,
Ka iza no ho tafita eo?

- IVOROMBE -

(manolotra ny ronono am-boatavo an'Imaintso)

Nataoko ity anio
Fa hisy tafiditra!
Nataoko ity anie
Fa hisy mpandroba!
Vao nisasa-dalana aho
Dia niverina,
Vao niditr'ala aho
Dia iny ?

- RODOBE -

Voasary anosy Imaitso,
Voasary voafefy!
Aza manan-tsitsitoby.
Ry Ineniverona malala !

- RODOBE -

Inona ity ambaranao ?
Inona ity lazainao,
Ry Imaitsoanala, zana-borona?

- IMAITSOANALA -

Zana-borona, zana-borona ,
Nefa koa olombelona !
Mba aiza ho aiza, ho'aho, ny foko,
Ny foko marina nihaviako ?

- INGORIA -

Olombelona hianao,
Olombelona e, raondriana !

- VORON'ALA -

Olombelona hianao,
Olombelona e, raondriana !

-IMAITSOANALA -

Efa nahitako singatsingany
Ny foko tena nihaviako;
ary izany indrindra e, re roy,
No mahamanimanina ahy !

- RODOBE -

Manimanina tsy fantatra,
Manin-kavana tsy hita,
Imaitsoanala, zana-borona!

- IMAITSOANALA -

Eny mantsy e, retsiana,
Fa toy ny zana-kazo aho -
Zana-kazo ratsy findra,
Zana-kazo ratsy fafy,
Ka mitsiry eny an-tsolatra,
Mandrobona eny am-batolampy,
Nony avy eo manirery,
Manirery mandavan-taona!

- VORON'ALA sy INGORIA -

(avy mifampibitsika)

O, ry Imaitso,ô'ry Imaitso,
O ry Imaitso havana ô!
Aza kivy mialoha
Fa tsy fantatrao ny ho avy!
Ny hazo eny an-tsolatra,
Ny hazo eny am-batolampy,
Mbola mety hisy vorona
Hikalo ao an-tratrany ao!

- I -

- IVORCMBE -

Mimà, mimà, ao antsisin-drano
Ilay ombimanga nohazaina
Hisotroan'Imaitso songo;
Mimà, mimà ao ampita ao,
Ka ndeha hoterako, ilay havana ô!

-IMAITSO SY INGORIA -

Ndeha, ndeha,dieny maraina;
Ndeha, ndeha, ry Inenivorona ô!

(Dify Ivorombe. Mimà ihany ny omby)

- II -

IMAITSO, INGORIA, VORON'ALA -

Itondray songo vao maraina, Imaitso,
Itondray tantely velon-dreny;
Ireto zana-boron-kely kosa,
Irembeo voankazo masaka
Sy ranon'ando antendron'ahitra
He! ray vorona ô!
He! ray vorona ô!

Mimà indray ny omby. Mihira any Ivorombe.

- IVOROMBE -

(Feo mihalavitra any ivelany)

Feno ny arivolahy,
Feno songon'ombimanga
Ho an'Imaitso,zana-borona;
Tantely sisa tsy azo,
Tantely velon-dreny;
Tantely sy voankazo -
Ndeha aho ho any an'ala !

- IMAITSOANALA -

efa niverina, manenona.
Verivery navitra indray. Mitsangana.

Ingoria ô! Voron'ala ô!
Mba vintana inona, ho'aho,
Itony vintako itony ?
Aninkeheo aho, teo amoron-drano,
nijery taratra teo:
Nahagaga ahy/endriko,
Nahatalanjona ahy !
( Mifampijery eran'ny nosy )

ny//

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

## - VAKILAY FAHAROA -

( toy ny teo )

------

Hirao, ray lahy, dihizo, ray lahy,
Ny tohin'ny tantara,
Ny tantaran'Imaitsoanala !
- Henontsika taloha izy,
Heno teo amoro-nofy ,
Tafita, nahaloaka alina,
Nosaintsainina nony maraina
Tafàtra hatraty amintsika,-
Lovantsika tamin'Ikiaky,
Raki-tsoan'Inenibe!
Loha sola no nipoirany ,
Fo tanora no hianoka aminy !

Hirao, ray lahy, Dihizo, ray lahy,
Ny tohin'ny tantara,
Ny tantaran'Imaitsoanala!
- Foy avy ao anaty atody Imaitso,
Foy, nefa olombelona,
Ka nitadiavan-tsongo lavitra,
Nihazana ombimanga,
Niremben-tantely dia
Tany anaty ala sarotra;
Dia nitombotombo teny,
Niarakaraka aram-borona,
Manimanina tsy fantatra !

Handalo izao Andriambahoaka,
Ho roboka aminy ity mpanjaka,
Imaintso koa ho tsontsa aminy;
Saingy handrivodrivotra e
Izany andro vao nifolaka:
Hiverina eo Ravorombe,
Ho trany eo ny mpifankatia
Ka hidify kely aloha,
Dia hiverina, handresy !
Hisondro-mistkatra ihany
Ny vintanao, ry zana-borona,
Fa hanambady Andriamanjaka !

------

## - ANDRONY FAHAROA -

----

Ny toerana teo ihany.
Imaitsoanala manenona, ampian'Ivorombe. Ingoria mamoly Voron'ala.
Misy omby mirà any.

I.......

Misy feon'olona maro be re manatona. Misy fimàn'omby koa. Mirifatra mitazana ny olon-drehetra.

- RODOBE -
( any ivelany )

Hoko! hoko! hoko! hoko!
Misaotra anao, Andriananahary!
Misaotra anao, Rasoalao,
Rangorimanana, Ravolahanta,
Razafihisoka , Ratataomanjaka !
Fa nangataka an'Imenalamosina,
Nangataka an'Ibetohatra
Hianohan'Imaitsoanala,
Ka namindrana fo ,
Notòvim-paniriana,
Na nihatsakatsa-tany aza
Ka nanantena hery tsy fantatra,
Nielo ampanga, nitafy avoko!
Hoko! hoko! hoko! hoko!

Mibarareoka ny omby. Mihoby hatraiza hatraiza.

- FEO SASANY -

Afatory eto ! afatory eto!

- FEO HAFA -
Aty hianao mitery isa-maraina, Ravorona ô!

Miditra Ivorombe sy Ingoria arahim-bahoaka marò misikim-ponitra omba-mahazaka aman-tsolo sy lefona. Mitondra ronona am-boatavo sy tantely am-bolotara izy miandevo ary manolotra izany an'Imaitso, izay mba somaritaka koa.

- R O D O B E -
-n'ny avy any ivelany.

Mifalia amin'izao, ry Imaitsoanala!
Mifalia amin'izao, Razanaborona!
Nihazana ombimanga tany ankay hianao,
Niremben-tantely tany an'ala,
Fa na zana-borona aza hianao,
Olombelona ihany koa !
Ronono no fihinanao,
Tantely no fanampy azy !
Indro anaty arivolahy
Sy anaty volotara,
Ny songon'ombimanga.
Mari-bitana mahery,
Sy tantely velon-dreny!
Na singan'olona aza hianao
Aty anaty fokom-borona,
Dia he! fa velon-dreny,
Ry Imaitso, Imaitsoanala!
Mifalia amin'izao,ry Imaitsoanala!
Mifalia amin'izao, Razanaborona!

- RIDEAU -

Mihataka mora kosa Imaitso.
Mijery ny akany nahafohizany izy: mandinika ireto iray tam-po aminy. Gagagaga. Verivery hevitra - nefa ny namany amin'izany mivazo ihany.

Tampoka, tsikari-dRavorona isany izany, ka avy manatona azy izy; manamtitamby azy.

- VORON' ALA -

Akory, ho' aho, ry Imaitsoanala,
No ihazan'ombimanga lavitra
Hisotroanao ny songony hianao,
Vao tonga oriory tava
Sy tsy ahitan-teny firy ?

- IMAITSOANALA -

(Mitsangana tsy sazoka; ifandiasany jerena ny havany.)

O, ray voron-kely ireto,
oriory Imaitsoanala,
tsy ahitan-teny firy
fa mahatsiahitsiahy mangina,
manimanina tsy fantatra !

- VORON'ALA -

( Mifampijery, mifampiritsoka )

Mahatsiaro tena, indrisy!
Imaitsoanala, zana-borona!
Mahatsiaro tena ho clombelona,
Nefa koa tera-borona
Any singan'olona ety!

- IMAITSOANALA -

Eny , ho'aho, ray voron'ala,
Ka mba ampionony kely,
Andihizo, iritsohy
Mba ho afa-tsorisory
Aty Anosy nahaterahana !

- VORON'ALA -
(Faly. Mandihy manodidina an'Imaitso)

Izao re no dihinay,
Izao re no hiranay -
Ny dihina-y tera-borona,
Ny hiranay zanak'ala!
Voahkazo masaka e,
Salohim-bary mandronono
No fihinanay anosin-drano !
Ranon'ando vao maraina,
Ranon'ando tara-bolana
Mbola eny ambony ahitra
No fisotronay aty!
Izao re no dihinay,
Izao re no hiranay -
Ny dihinay tera-borona,
Ny hiranay terak'ala!

Misy.....

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -

Eny,ry Ineny, fa izany tokoa !
Songo, hono, no antonona ahy:
Songon'ombimanga, songon'omby dia,
Fa natera-java-mahery ahá,
Ka mila zava-tsarotra!

(Mandeha Ivorombe sy Ingoria )

- V -

- INGORIA -

Izany tokoatrany, Ravorombe,
Fa ronono sy tantely
No fihinanay zanak'olona !

- VORON'ALA -

Ny anay kosa ê,voankazo masaka,
Ary ranon'ando no mamonto azy !

R O D O B E
(Mitazana an-dry Ivorombe. Manofa azy )

Hanonta omby ineny iny,
Hielo ampanga, hitafy avoko,
Fa ronivorona nanao kambana iny,
Ka manantona hery tsy fantatra,
Hikatsakatsaka an-taninao!
Ao hianao, Rasoalao; ao koa hianao,
Rangorimanana, Ravolahanta,
Razafihisoka, Ratataomanjaka!....

Re any lavitra ny feon'olo-marobe manonta ombimanga ka mihalavitra hatrany. Hoy izany feo izany:

Hoko! hoko! hoko! hoko !

Izanay manambara amin'ity tany ity
Sy milaza aminao, Andriananahary,
Fandrao manontany anay manao hoe:
"Fa iza izao mikoka an-taninay izao?
Nahoana no mikatsakatsaka
Aty an-taninay ?"

-R O D O B E -
(tohiny)

(Miaraka amin'ny hofa lamba sady miverina)

Hoko! hoko! hoko! hoko!
Ao hianao Rasoalao; ao koa hianao,
Rangorimanana, Ravolahanta,
Razafihisoka, Ratataomanjaka!
Mangataka an'Imenalamosaina Ineny,
Mangataka an'Ibetohatra
Hianohan'Imaitsoanala!

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- IMAITSOANALA -

Ny tarehy anie no an-dRahiratra,
Ny vintana kosa an'olon-kafa !
Izay inonana fa tsy hanjary
No matetika e mitera-tsoa !
E! ny rano mamy indrindra,
Moty hipoitra am-batolampy;
Irony volan-tsoa baliaka,
Teraka ao anaty aizina !

<u>Mifampijery Ivorombe sy Ingoria. Mifampitsiky. Tsy mitsaha-manambitamby an'Imaitso.</u>

- VORON'ALA -

( <u>amin'Ivorombe</u> )

Malefolefo ny havanay,
Bakorakora Izanakao:
Ndeha, /Ineny, ndeha re
Itadiavo songo any ankay,
Irembo mamy any an'ala!

- INGORIA sy IMAITSO -

Izany tokoatrany, Ravorona,
Fa tantely sy ronono
No fihinanay olombelona !

- VORON'ALA -

Voankazo masaka, ranon'ando
Ary koa rivo-tsoa
No anjaranay zana-borona !

<u>amin'Ivorombe:</u>

Malefolefo ny havanay ,
Bakorakora izanakao:
Ndeha,ry Ineny, ndeha re
itadiavo songo any ankay,
irembo mamy any an'ala !

- IVOROMBE -

(<u>Mambomba ny zanany rehetra. Imaitso ataony ampovoany</u>)

E! ray zanako tsy mitovy,
Nefa kosa iray fo !
Handeha aho, handeha izao,
Handeha hanamby olombelona,
Hanonta omby any ankay
Hotarena ho an'Imaitso!
Handeha hioty voan-dèalana
Ho anareo, zana-borona !

Imaitso.......

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

- III -

**IMAITSOANALA**

Aza gaga ê, ilay havana ô !
Aza gaga ê, ilay havana ô !
Ondry botry ka dia nariana ô!
Ondry botry natositosika ô!
Kinanjo re nanao kambana ô!
Kambana olona ary vorona ô!

R O D O B E
(<u>any ivelany, manatona ihany</u>)

Indreny ho avy aho,
        ilay havana ô!
Indreny ho avy aho,
        ilay havana ô!

INGORIA sy IVOROMBE

Gaga anao aho Randamôka ô!
Gaga anao aho, Imaitsoanala ô!
Natao tsy hanambina, Randamôka ô!
Natao ho vato, Randamôka ô!
Kinanjo olona;-Imaitsoanala-ô!
(<u>Tafiditra ireo zana-borona</u>)

- IV -

R O D O B E

(<u>hodidinin'izy rehetra Imaitsoanala sy Ivorombe</u>)

Dihy..... |
Aza gaga ê , ilay havana ô!
Aza gaga ê, ilay havana ô !
Ondry botry ka dia nariana ô!
Ondry botry natositosika ô!
Kinanjo re nanao kambana ô!
Kambana olona ary vorona ô!

Aza gaga e, ilay havana ô!
Aza gaga e, ilay havana ô!
Fa atody zary vato fotsy ô!
Vato fotsy saika hariana ô!
Kinanjo tonga zazavavy ô!
Zazavavy : Imaitsoanala ô!

<u>Mibikabika an'Imaitso eran'ny nosy. Ivorombe misafosafo azy. Ingoria mikapakapaka.</u>

- IVOROMBE sy INGORIA -

Aiza moa, ho' aho, no tsy ho gaga,
Aiza koa no tsy ho talanjona :
Atody izao no indray nokinotrika,
Atody saika niara-poy,
Kanjo anie ilay tsy namantsaka
Ne tonga hianao, ry Imaitsoanala !

Imaitsoanala.....

IVOROMBE

Mahoto vintana Inandamôka :
Natao ho aina kinanjo vato !
Tehirizo tsara fa hatao laoka !

INGORIA

(mamindra ilay atody ho an-tsobiky)

Ho zana-mamba atelin-dreniny,
Ka hiverina an-kibo nitoerana,
Ity natao ho aina kanjo vatô !

IVOROMBE

Ny efa tsy izy tsy fanontany:
Ny velona ihany no firesahana,
Ka antsoy kely ireo any an'ala !

INGORIA
(manodidina ny nosy)

Aiza, hoy aho, ilay aina ô ?
Aiza, hoy aho, ilay aina ô ?....
(miritsodritsoka manatona ny zana-borona)
Injay, injay, ilay aina ô !

bis?..

R O D O B E
(any ivelany)

Indreny ho avy aho,
ilay havana ô !
Indreny ho avy aho,
ilay havana ô!

(Misy zaza mitomany tampoka ao an-karena.
Midodododo mijery ao Ivorombe sy Ingoria)

IVOROMBE sy INGORIA

bis...

Gaga anao aho, Randamôka ô !
Gaga anao aho, Randamôka ô !
Natao tsy hanambina, Randamôka ô !
Natao ho vato, Randamôka ô !
Kinanjo olona, Randamôka ô !

(Aveakany avy ao an-tsobiky: zazavavy iray tsara tarehy: mbola misy akora manarona ny sorony ka akipany.)

III........

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf

INGORIA

Nde ho aiza izatsy Ravorona ?

R O D O B E

miaraka amin'ny zana-borona

Ivorona inona ?
Vorona asiasy -
Asiasy inona ?
Asiasy vazaha.
Vazaha inona ?
Vazaha Rariaka.
Riaka inona ?
Riaka andro lava .
Andro lava tsy namboly vary !

IVOROMBE

Vorona ve,ry zareo !
(Ampianari-manidina ny zana-borona)

Dihy

R O D O B E

Sikidy tsy nandika lålana .
Lålana inona ?
Lålan'omby .
Omby inona ?
Omby mifahy.
Aiza no ipetrahany ?
Ao ampahitra.
Fahitr'iza e ?
Fahi-dRafotsy.
Rafotsy iza ?

IVOROMBE

Ivorombe, ka ikala ireto !
(Tapitra lasa nanidina ny zana-borona).

- II -

INGORIA

(Manondro ilay lamokany )

Mba tsara vintana, Ivorombe !
Atody firy no nokinotrika,
Ka iray monja no nandamòka !

Ivorombe......

# IMAITSOANALA,- ZANA-BORONA

----

## - ANDRO VOALOHANY -

-:-

Mpilalao: IVOROMBE, IMAITSOANALA, INGORIA
ANDRIAMBAHOAKA sy ny tsindandahiny,
Vadin'Andriana, Mpanarak'Andriana,
Tsongavavy, Voron'ala.

---------

Nosin-drano voahodidin-jozoro,
Ivorombe mikotrika. Ingoria mamafa trano.
Miakatra mora ny lamba.

### - I -

### R O D O B E

( any ivelany, mihalavitra hatrany)

Miposaka e, ny masoandro,
Mifohaza,hoy aho,hianareo,
Fa maraina ho' aho 'zany andro,
Zôvy, hoy aho,hianareo ?

Veloma,hoy aho, ny any Iarivo, bis
Fa na dia tondraka aza Mania,
Ka safononoka aza Matsiatra,
Izahay dia hody any Iarivo !

Ivorombe miala eo am-pikotrehana: foy avokoa ny atody afa-tsy iray. Miporitsaka atsy, miporitsaka aroa izy rehetra. Ny sasany mbola misy vakin'akora.

Mamela kifafa INGORIA, hiara-mifaly sy mandihy.

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/2054?context=pdf